# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Desambra 2018

**3** **Alatsinainy** desambra

**Aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana.** 1 Petera 3. 15

**Fa ny lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy ; fa ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy.** Jaona 1. 17

## Fanofanana mba ho sambatra

Anikeheo maraina aho dia nanatrika fanofanana araka asa. Nanazava ilay mpampiofana fa noho ny kolontsaina jiosy sady kristiana anananay, dia mahatsapa mafy izahay fa tokony ho lavorary. Rehefa tonga ny anjara fitenenako, dia nilaza aho fa kristiana ary hafa tanteraka ny fandraisako ny atao hoe finoana kristiana.

Taorianan'ny sakafo, dia nitarika resaka momba io lohahevitra io ilay mpampiofana. Nohazavainy tamiko ny fijeriny ny fivavahana. Namaly azy aho hoe : — Eny, kanefa ny votoatin'ny finoana kristiana dia ny fahasoavana, izany hoe ilay fitiavan'Andriamanitra antsika tsirairay, na dia tsy mendrika izany aza isika.

— Azoko tsara izany.

— Tsy fitambarana fombafomba sy asa tanterahina mba hahafaly an'Andriamanitra tsy akory, fa fandraisana ny fanomezana atolony.

— Koa ahoana àry ireo fanerena maro, toy ny didy folo ?

— Ho an'ny kristiana, ny didy folo dia nomena ho fitsipi-piainana tsara, sy hampisehoana fa tsy mahay mankatò an'Andriamanitra isika (Romana 7. 7-13). „Tsy mba ambanin'ny lalàna" intsony ny kristiana, „fa ambanin'ny fahasoavana" (6. 14).

— Ny fivavahana dia mampanantena fahasambarana any ankoatra, fa tsy amin'izao fiainana ankehitriny izao...

Tonga ireo mpandray anjara hafa, ka tapaka teo ny resaka. Nalahelo aho tsy afaka nanohy ny fifanakalozan-kevitra, mba hilazako aminy fa tsy aorianan'ny fahafatesana fotsiny ihany ny fiainana mandrakizay. Izany dia efa omena izay rehetra mino an'i Jesosy Kristy. Ny fiainana mandrakizay dia ny mahafantatra an'Adriamanitra sy Jesosy Kristy Zanany (Jaona 17. 3). Izany no mitondra fahasambarana ho antsika, dieny anio.